# Ilay Voa Tsara Nafafy 11 Oktobra 2018

# 11 **Alakamisy** oktobra

**Naninjitra ny tànany niaraka tamin'izay Jesosy, dia nandray azy ka nanao taminy hoe : Ry kely finoana, nahoana no niahanahana ianao ?**

Matio 14. 31

### Kely finoana

Io fanomezan-tsiny feno fitiavana nataon'i Jesosy tamin'i Petera mpianany io, dia matetika no sahaza antsika kristiana ihany koa. Manozongozona antsika imbetsaka, toy ny rivo-hy, ny fizahan-toetra. Aoka isika, amin'ireny fotoana ireny, hahatsiaro fahamarinana lehibe efatra.

Voalohany, ny Tompo Izay nitsangana tamin'ny maty dia nanome toky ny olony hoe : „Indro, Izaho momba anareo *mandrakariva*, ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao" (Matio 28. 20). Ao anatin'io *mandrakariva* io, izany, ny andro itrangan'ny fizahan-toetra.

Faharoa, voasoratra hoe : „*Ny zavatra rehetra*dia miara-miasa hahasoa izay tia an'Andriamanitra" (Romana 8. 28). Anisan'ireny zavatra ireny koa, izany, ireo zava-mitranga mampitomany antsika.

Fahatelo : „Aza manahy na inona na inona ; fa aoka ny fivavahana sy ny fifonana mbamin'ny fisaorana no hoentinareo manambara ny fangatahanareo amin'Andriamanitra, *amin'ny zavatra rehetra*" (Filipiana 4. 6). Araka izany, tsy misy ny hoe zavatra ilaina nefa tsy azo ambara amin'ny Tompo. Mety tsy hamaly antsika eo no ho eo, araka izay irintsika Izy, kanefa matokia fa hamaly antsika Izy, amin'ny fotoanany sy araka ny fombany. Ary matokia koa fa mandra-panaony izany, dia hameno ny fontsika ny fiadanan'Andriamanitra.

Ary fahefatra farany, aoka hotsarovantsika fa Izy no Ilay „Andriamanitry ny fampiononana rehetra, Izay mampionona (antsika) amin'ny *(fahoriantsika) rehetra*" (2 Korintiana 1. 3-4). Manoloana ny zava-mampalahelo antsika, dia ho lehibe lavitra mandrakariva ny fampiononan'ny Tompo.